

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Sahan'ny Lovantsika

Efa nandray ny Fanahin’ny maha-zanaka aho, ary amin’ny alalany no iantsoako hoe: “Abba, Ray.”



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Andeha hojerentsika ny andininy iray miresaka momba ny halehiben’ny lovantsika ao amin’i Kristy. Ny Romana 8:32 dia mivaky toy izao:

> "Izay [Andriamanitra] tsy niaro ny Zanani-lahy [Jesosy], fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?"

Rehefa mandray an'i Kristy isika, dia omen'Andriamanitra maimaimpoana ny zavatra rehetra. Ankoatra Azy dia tsy mahazo na inona na inona isika. Misy fanantitranterana mafy ao amin’io andininy io ny amin’ny faritry ny lova sy ny fahafahany tanteraka. Tsy azo amin’ny ezakantsika izany. Raisintsika ho fanomezana maimaim-poana izany izay ahitana ny zava-drehetra. Isika dia mpandova ny lova manontolo — izay rehetra ananan’Andriamanitra Ray, izay rehetra ananan’Andriamanitra Zanaka — rehefa mandray an’i Kristy isika.

Tao amin'ny epistily voalohany nosoratany ho an'ny Korintiana, dia niezaka naneho tamin'ny mpino ny fananan'izy ireo i Paoly. Noteneniny mafy kely izy ireo satria nanao toy ny hoe mahantra izy ireo. Nasiaka, kely fisainana izy ireo. Hoy i Paoly, raha ny marina: “Tsy fantatrareo izay anananareo.”

> “Ka dia aza misy manao olona ho reharehany; fa anareo ny zavatra rehetra: na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy; dia anareo izany rehetra izany; ary hianareo an'i Kristy ary Kristy an'Andriamanitra.” (1 Korintiana 3:21–23)

Tena mampitolagaga tokoa. Hoy i Paoly, raha ny marina: “Anao ny zava-drehetra. Atsaharo ny fitondran-tena kely fisainana sy tsy misy dikany. Aza mihantona amin'ny

© 2008 - Dries Du Plessis

mpitory teny, koa. Atsaharo ny fitondran-tena kely saina. Anao ny zavatra rehetra.” Tsarovy, fa nomena maimaimpoana ho antsika ny lova; tsy azo noho ny ezakantsika izany. Zava-dehibe anefa ny angatahantsika ny Fanahy Masina mba hampitombo ny finoantsika sy ny fahatakarantsika. Ny Fanahy Masina no mpitantana, ary raha tsy miteny amintsika sy mitarika antsika ho any amin’ny fahamarinana Izy, dia ho teny fotsiny ireo, fa tsy zava-misy. Ny Fanahy Masina no manao ny teny fikasana ho zava-misy.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Zanakao aho. Manambara aho fa mpandova ny lova manontolo , amin’ny fandraisana an’i Kristy. Nandray ny Fanahin’ny maha-zanaka aho, ary amin’ny Alalany, no iantsoako hoe, “Aba, Ray”, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-265-MLG
Nohavaozina farany: 29 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

